Torolalana *ho an'ny* Fandaharam-pampianarana taona 2011

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

Ity boky torolalana ity dia mitanisa ireo fitaovan'ny fandaharam-pampianarana izay ampiasaina ao amin'ireo kilasy isaky ny Alahady mandritra ny taona 2011, sy manome ireo torolalana amin'ny fandaminana ny kilasy sy kôlejy isaky ny Alahady ary mitanisa ireo fitaovan'ny Fiangonana ampiasaina any an-tokantrano.

Votoatiny

Fandaharam-pampianarana
Ankapobeny taona 2011 2

Fandaharam-pampianarana
Fototra taona 2011 4

Torolalana ho an'ireo Kôlejy sy
Kilasy isaky ny Alahady 6

Fisoronana Melkizedeka sy
Fikambanana Ifanampiana 6

Fisoronana Aharôna sy Zatovovavy 7

Kilonga 7

Sekoly Alahady 7

Lesona Azo Isafidianana 7

Mpikambana Manana Kilema 7

Fanatsarana ny Fampianaran'ny
Mpampianatra 8

Fitaovana hampiasaina ao An-tokantrano 8

Fanapariahana

TSATÒKA: Tokony hizara tahadika arak'izay ilaina ho an'ireo mpitarika ao amin'ny tsatòka ny filohan'ny Tsatòka.

PAROASY: Tokony hizara tahadika iray avy ho an'ireo mpikambana ao amin'ny episkôpà, ireo mpitamboky, ireo mpitarika ao amin'ny Fisoronana Melkizedeka, ireo fiadidian'ny vondrona fanampiny ary ho an'ireo mpitarika hafa ao amin'ny paroasy ireo eveka sy filohan'ny sampana.

Tokony hamerimberina hamaky ity fampahalalana ity isan-taona ny filan-kevitry ny tsatòka sy ny an'ny paroasy.

Fandaharam-pampianarana Ankapobeny taona 2011

Ampiasaina any amin'ny toerana izay efa miorina tsara ny Fiangonana

Fikambanana	Boky sy Loharanom-pitaovana
Fisoronana Melkizedeka sy Fikambanana Ifanampiana	ALAHADY VOALOHANY Ny soratra masina; ireo Gazetibokin'ny Fiangonana; ny *Guide des Dirigeants de la Prêtrise et des Auxiliaires (Boky Torolalana ho an'ny Mpitarika ao amin'ny Fisoronana sy Vondrona Fanampiny)* (31178 140); ireo boky *Worldwide Leadership Training Meeting* (Réunions Mondiales de Formation des Dirigeants); ny *Torolalana ho an'ny Fianakaviana* (31180 654); ary ireo loharanom-pitaovana hafa nankatoavin'ny Fiangonana
	ALAHADY FAHAROA SY FAHATELO *Ny Fitsipiky ny Filazantsara,* boky vaovao vao navoaka (06195 654); fanohizana ny tamin'ny taona 2010. Ity boky Ity dia manolo amin'ny fotoana voafetra ireo boky *Enseignements des Présidents de l'Église*. Tokony hampianarina araka ny filaharany ao amin'ny boky ireo lesona.
	ALAHADY FAHAEFATRA Fampianarana Miompana amin'ny Androntsika: lahateny avy amin'ny Fihaonamben'ny Fiangonana; jereo pejy 6
	ALAHADY FAHADIMY Lohahevitra sy loharanom-pitaovana ankatoavin'ny Fiangonana safidian'ny episkôpà
Fisoronana Aharôna sy Zatovovavy	*Prêtrise d'Aaron 3* (34822) sy ny *Prêtrise d'Aaron, Guide de documentation, année 2010 (Boky Torolalana ahitana loharanom-pitaovana ho an'ny Fisoronana Aharôna taona 2011)* (08659) *Jeunes Filles 3* (34825 654) sy ny *Guide de documentation pour les Jeunes Filles, année 2010 (Boky Torolalana ahitana loharanom-pitaovana ho an'ny Zatovovavy, taona 2011)* (08660)
	Ny loharanom-pitaovana hafa azo ampiasaina dia ny soratra masina; ireo Gazetibokin'ny Fiangonana; ny *Manatanteraka Ny Adidiko amin'Andriamanitra: Ho an'ny Mpihazona ny Fisoronana Aharôna* (06746); ny *Mon Progrès Personnel (Fivoaran'ny Tena Manokana ho an'ny Zatovovavy)* (36035); ny *Ry Tanora, Mahereza* (36550); ary ny *Ancrés dans la foi (Mafy orina ao amin'ny Finoana)* (36863).
Kilonga	18 VOLANA–2 TAONA (GARDERIE) *Voyez vos petits enfants: Manuel de la garderie* (37108)
	3–11 TAONA (FOTOANA IFANAKALOZANA) *Rindran-damina mandritra ny Fotoana Ifanakalozana taona 2011: Je sais que les Ecritures sont vraies (Fantatro fa Marina ny Soratra Masina)* (08635)
	3 TAONA (KILASY TANA-MASOANDRO) *Primaire 1: Je suis Enfant de Dieu* (34969)
	4–7 TAONA (KILASY FNT 4, 5, 6, SY 7 TAONA) *Primaire 3: Choisir le Bien B* (34499)
	8–11 TAONA (KILASY MAHERY FO 8, 9, 10, ARY 11 TAONA) *Primaire 7: Nouveau Testament* (34604)
	Ny loharanom-pitaovana hafa ho an'ireo kilasy rehetra dia ahitana ireo Gazetibokin'ny Fiangonana; tantara an-tsary avy ao amin'ny soratra masina; *Boky mitahiry sary momba ny filazantsara* (06048 090); ny *Chants pour les Enfants (Hiran'ny Ankizy)* (35395); ary ireo Visual Aids Cutouts (Sary natao ho hetezana) (andiany 1 ka hatramin'ny 10 mandeha mitokana).

Fikambanana	Boky sy Loharanom-pitaovana
Sekoly Alahady	12–13 TAONA *Les Présidents de l'Église, Manuel de l'instructeur* (31382)
	14–18 TAONA *Testamenta Vaovao—Fotopampianaran'ny Filazantsara Bokin'ny Mpampianatra* (35681 654) *Nouveau Testament Guide d'étude du membre de la classe (Testamenta Vaovao—Boky Torolalana ho an'ny Mpianatra)* (35682)
	HO AN'NY OLON-DEHIBE Testamenta Vaovao - Fotopampianaran'ny Filazantsara Bokin'ny Mpampianatra (35681 654) *Nouveau Testament Guide d'étude du membre de la classe (Testamenta Vaovao—Boky Torolalana ho an'ny Mpianatra)* (34682)
	HO AN'NY OLON-DEHIBE *Ny Fitsipiky ny Filazantsara,* boky vaovao vao navoaka (06195 654). Ity kilasy ity dia natao ho an'ireo naman'ny Fiangonana, ireo mpikambana vaovao, ireo mpikambana niverina nazoto indray ary ireo hafa izay mila fampianarana fototra momba ny filazantsara. Ny mpampianatra no misafidy ny fomba filaharan'ny lesona araka izay ilain'ny olona ao amin'ilay kilasy.

Lesona Azo Isafidianana	Boky sy Loharanom-pitaovana
Fampianarana ny Filazantsara	*L'enseignement, pas de plus grand appel* (36123), pejy 185–239 (12 herinandro)
Ny Fifandraisan'ny mpivady sy ny Mpianakavy	*Relations Conjugales et Familiales—Manuel de l'Instructeur* (35865) *Relations Conjugales et Familiales—Guide du Participant* (36357) (16 herinandro)
Tempoly sy Tetiarana	*Instructor's Guide to Temple and Family History Work (Asa ao amin'ny Tempoly sy Tetiarana: Boky Torolalana ho an'ny Mpampianatra) (* (35804) *Guide de l'Oeuvre Généalogique et du Temple à l'intention des Membres (Tempoly sy ny Tetiarana: Boky Torolalana ho an'ny Mpikambana)* (36795)
Fiomanana ho any amin'ny Tempoly	*Doté d'en Haut: Séminaire de préparation au Temple, Manuel de l'Instructeur* (36854) *Se Préparer à Aller au Saint Temple* (36793) (7 herinandro)

Tsy ny boky rehetra ao amin'io lisitra io no voadika amin'ny fiteny rehetra izay mampiasa ny fandaharam-pampianarana ankapobeny. Ampiasao ireo boky ireo rehefa misy. Manatona ny foibe fanapariahana mba hanontaniana ireo boky izay misy.

Fandaharam-pampianarana fototra taona 2011

Ampiasaina any amin'ny vondron'ny Fiangonana izay vitsy ny mpikambana na tsy ahitana ireo boky fampianarana ankapobeny

Fikambanana	Boky sy Loharanom-pitaovana
Fisoronana Melkizedeka sy Fikambanana Ifanampiana	ALAHADY VOALOHANY Ny soratra masina; ireo Gazetibokin'ny Fiangonana; ny *Guide des Dirigeants de la Prêtrise et des Auxiliaires (Boky Torolalana ho an'ny Mpitarika ao amin'ny Fisoronana sy Vondrona Fanampiny)* (31178 140); *Torolalana ho an'ny Fianakaviana* (31180 654); ary ireo loharanom-pitaovana hafa ankatoavin'ny Fiangonana
	ALAHADY FAHAROA SY FAHATELO *Ny Fitsipiky ny Filazantsara,* boky vaovao vao navoaka (06195 654); fanohizana ny tamin'ny taona 2010. Raha toa ka tsy misy io boky io dia azo ampiasaina ilay boky *Ny Fitsipiky ny Filazantsara* teo aloha (31110 654). Raha samy tsy misy izy roa ireo dia azo ampiasaina ny, *Votoatin'ny Filazantsara* (31129). Tokony hampianarina araka ny filaharany ao amin'ny boky ireo lesona.
	ALAHADY FAHAEFATRA Ny lesona Fampianarana Miompana amin'ny Androntsika dia alaina avy amin'ireo lahateny ao amin'ny laharan'ny *Ensign* na *Liahona* izay mirakitra ny Fihaonamben'ny Fiangonana farany (jereo ao amin'ny pejy 6 ao amin'ity boky navoaka ity ny momba ny torolalana mikasika ny fisafidianana ireo lahateny). Raha tsy misy amin'ny fiteny eo an-toerana ireo Gazetibokin'ny Fiangonana ireo, dia azo ampiasaina ny Hafatra avy amin'ny Fiadidiana Voalohany sy ny Hafatra ho an'ny Famangiana isan-tokantrano.
	ALAHADY FAHADIMY Lohahevitra sy Loharanom-pampianarana nankatoavin'ny Fiangonana safidian'ny fiadidian'ny sampana
Fisoronan'i Aharôna sy Zatovovavy	ALAHADY VOALOHANY SY FAHAEFATRA ARY FAHADIMY *Prêtrise d'Aaron 1* (34820) na *Jeunes Filles 1* (34823). Ampianaro araka ny filaharany ireo lesona mandritra ny roa taona ary avy eo dia avereno. Raha toa ka tsy misy ny boky *Prêtrise d'Aaron 1* sy ny *Zatovovavy 1*, dia ampiasao ny *Devoirs et Bénédictions de la Prêtrise* sy ny *La Sainte des Derniers Jours* ho an'ny lesona atao ny Alahady Voalohany sy Fahaefatra ary Fahadimy.
	ALAHADY FAHAROA SY FAHATELO *Devoirs et Bénédictions de la Prêtrise, Tome 2* (31112) na *La Sainte des Derniers Jours, Tome 2* (31114)
	Ny loharanom-pitaovana hafa dia ny soratra masina; ireo Gazetibokin'ny Fiangonana; ny *Manatanteraka Ny Adidiko amin'Andriamanitra: Ho an'ny Mpihazona ny Fisoronana Aharôna* (06746); ny *Mon Progrès Personnel (Fivoaran'ny Tena Manokana ho an'ny Zatovovavy* (36035); ny *Ry Tanora, Mahereza* (36550); ary ny *Ancrés dans la foi (Mafy orina ao amin'ny Finoana)* (36863).

Fikambanana	Boky sy Loharanom-pitaovana
Kilonga	18 VOLANA–2 TAONA (GARDERIE) *Voyez vos petits enfants: Manuel de la garderie* (37108)
	3–11 TAONA (FOTOANA IFANAKALOZANA) *Rindran-damina mandritra ny Fotoana Ifanakalozana ho an'ny taona 2011: Je sais que les Ecritures sont vraies (Fantatro fa Marina ny Soratra Masina)* (08635)
	3 TAONA *Primaire 1: Je suis enfant de Dieu* (34969)
	4–7 TAONA *Primaire 3: Choisir le Bien B* (34499)
	8–11 TAONA *Primaire 7: Nouveau Testament* (34604)
	Ny loharanom-pitaovana hafa ho an'ireo kilasy rehetra dia ahitana ny Gazetibokin'ny Fiangonana; boky tantara an-tsary avy tao amin'ny soratra masina; ny *Boky mitahiry sary momba ny filazantsara* (06048 090); ny *Chants pour les Enfants (Hiran'ny Ankizy)* (35395); ary ireo Visual Aids Cutouts (Sary natao ho hetezana) (andiany 1 ka hatramin'ny 10 mandeha mitokana)..
Sekoly Alahady	12–13 TAONA *Testamenta Vaovao—Fotopampianaran'ny Filazantsara Bokin'ny Mpampianatra* (35681 654)
	HO AN'NY OLON-DEHIBE *Testamenta Vaovao—Fotopampianaran'ny Filazantsara Bokin'ny Mpampianatra* (35681 654)
	HO AN'NY OLON-DEHIBE *Ny Fitsipiky ny Filazantsara,* boky vaovao vao navoaka (06195 654). Raha toa ka tsy misy io boky io dia azo ampiasaina ilay boky *Ny Fitsipiky ny Filazantsara* teo aloha (31110 654). Raha samy tsy misy izy roa ireo dia azo ampiasaina ny, *Votoatin'ny Filazantsara* (31129). Izany kilasy izany dia natao ho an'ireo naman'ny Fiangonana, ireo mpikambana vaovao, ireo mpikambana niverina nazoto indray ary ireo hafa izay mila fampianarana fototra avy amin'ny filazantsara. Ny mpampianatra no misafidy ny fomba filaharan'ny lesona araka izay ilain'ny olona ao amin'ilay kilasy.

Lesona Azo Isafidianana	Boky sy Loharanom-pitaovana
Fampianarana ny Filazantsara	*L'enseignement, Pas de plus Grand Appel* (36123), pejy 185–239 (12 herinandro). Raha tsy misy io boky io dia azo ampiasaina ny *Guide pour l'enseignement* (34595), pejy 21–22 (8 herinandro).
Ny Fifandraisan'ny mpivady sy ny Mpianakavy	*Relations Conjugales et Familiales—Manuel de l'instructeur* (35865) *Relations Conjugales et Familiales—Guide du participant* (36357) 16 herinandro)

Tsy ny boky rehetra ao amin'io lisitra io no voadika amin'ny fiteny rehetra izay mampiasa ny fandaharam-pampianarana fototra. Ampiasao ireo boky ireo rehefa misy. Manatona ny foibe fanapariahana mba hanontaniana ireo boky izay misy.

Torolalana ho an'ireo Kôlejy sy Kilasy isaky ny Alahady

Ny taom-pampianarana dia manomboka ny 1 Janoary eran-tany. Ampiasao ireto torolalana manaraka ireto mba handaminana ireo kôlejin'ny fisoronana sy ireo kilasy isaky ny Alahady.

Ny Fisoronana Melkizedeka sy ny Fikambanana Ifanampiana

Amin'ny ankamaron'ireo Alahady dia samy mivory mitokana ireo rahalahy ao amin'ny Fisoronana Melkizedeka sy ireo rahavavy ao amin'ny Fikambanana Ifanampiana saingy mianatra lohahevitra mitovy sy mampiasa boky mitovy.

ALAHADY VOALOHANY. Ny mpitondra ao amin'ny kôlejin'ny loholona, sy ny vondron'ny mpisorona avo ary ny Fikambanana Ifanampiana dia samy manomana io fivoriana io ho an'ny fikambanan'izy ireo avy ary afaka mampiasa ny loharanom-pitaovana isaky ny Alahady voalohany voalaza ao amin'ny pejy 2 sy 4.

Mpikambana iray ao amin'ny fiadidian'ny kôlejin'ny loholona na ny mpitariky ny vondron'ny mpisorona avo no mampianatra amin'ny Alahady voalohany. Ampiasain'ny mpitariky ny kôlejy na ny vondrona entina hamporisihina ireo rahalahy hazoto kokoa eo amin'ny fanatanterahany ny adidin'ny fisoronana izany fivoriana izany. Mety ho lohahevitra hodinihana mandritra izany ny fampianarana isan-tokantrano, ny fanatanterahana ireo ôrdônansy sy tsodranon'ny fisoronana, fanamafisan'orina ny fanambadiana sy ny fianakaviana, ny asa fanompoana, ny asa fitoriana ny filazantsara, famporisihana hazoto, fifanampiana ara-panahy sy ara-batana, ary ny asa atao any amin'ny tempoly sy ny fanaovana tetiarana. Azon'ny mpitarika ao amin'ny kôlejy na ny vondrona ampiasaina koa izany fotoana izany mba handrindrana ireo fomba entina hanampiana ny hafa, hanomezana andraikitra, ary hangalana ireo tatitra momba ireo andraikitra nomena teo aloha.

Mpikambana iray ao amin'ny fiadidian'ny Fikambanana Ifanampian'ny paroasy no mampianatra ny Alahady voalohany. Mampiasa ireo soratra masina sy fitaovana ankatoavin'ny Fiangonana izy. Ampiasain'ireo mpitariky ny Fikambanana Ifanampiana izany fivoriana izany mba hoentina hampianarana ny fotopampianaran'ny filazantsara sy hanampiana ireo rahavavy ho tonga mazoto amin'ny fanaovana ireo asa ao amin'ny Fikambanana Ifanampiana. Mety lohahevitra hodinihana amin'izany ny anjara toerana sy andraikitry ny vehivavy eo amin'ny filazantsara, fanamafisan'orina ny fanambadiana sy ny fianakaviana, fitsidihana isan-tokantrano, asa fanompoana, asa fitoriana ny filazantsara, famporisihana hazoto, fifanampiana ara-panahy sy ara-batana, ny asa atao any amin'ny tempoly sy ny fanaovana tetiarana.. Azo omena fotoana koa ireo rahavavy mba hahafahany mizara ny fijoroany ho vavolombelona.

ALAHADY FAHAROA SY FAHATELO. Ireo rahalahy ao amin'ny Fisoronana Melkizedeka sy ireo rahavavy ao amin'ny Fikambanana Ifanampiana dia mandray fampianarana avy ao amin'ny boky fampianarana vaovao *Ny Fitsipiky ny Filazantsara* izay manolo amin'ny fotoana voafetra ireo boky *Enseignements des Présidents de l'Église*. Ny lesona dia azon'ireo mpitondra ampianarina na ireo mpampianatra ao amin'ny kôlejy na ao amin'ny vondrona na ny ao amin'ny Fikambanana Ifanampiana izay voatokana ho amin'izany. Amin'ny ankapobeny dia ampianarina araka ny filaharany hita ao amin'ny boky torolalana ny lesona.

Ataon'ny mpitariky ao amin'ny kôlejin'ny loholona, sy vondron'ny mpisorona avo, ary ny Fikambanana Ifanampiana izay hananan'ny mpikambana rehetra 18 taona no ho miakatra ny tahadika ny boky *Ny Fitsipiky ny Filazantsara* vaovao mba hanaovany fandalinana manokana. Amporisihan'ny mpitarika ireo mpandray anjara ireo mba hitondra izany tahadika izany mandritry ny fotoam-pampianarana.

Raha toa ka voasakan'ny fihaonamben'ny tsatòka na fivoriana hafa ny fampianarana izany lesona izany dia afaka manapa-kevitra ny filohan'ny tsatòka sy ny eveka raha tokony hampianarina mandritra ny Alahady hafa izany.

ALAHADY FAHAEFATRA—FAMPIANARANA MIOMPANA AMIN'NY ANDRONTSIKA. Ny lesona ampianarina dia alaina avy ao amin'ny laharana farany tamin'ny gazetiboky *Ensign* na *Liahona izay mirakitra ny fihaonamben'ny Fiangonana farany*. Ireo lahateny ireo dia hita koa (amin'ny fiteny maro) ao amin'ny www.lds.org. Ny lesona dia azon'ireo mpitondra ampianarina na ireo mpampianatra ao amin'ny kôlejy na ao amin'ny vondrona na ny ao amin'ny Fikambanana Ifanampiana izay voatokana ho amin'izany. Ny filohan'ny tsatòka dia afaka mifidy ireo lahateny tokony hampiasaina, na manendry ny eveka izy ireo hanao izany fisafidianana izany. Ny laharan'ny gazetiboky mirakitra ny fihaonambe dia ahitana torolalana fanampiny.

ALAHADY FAHADIMY (REHEFA MISY). Ny lohahevitra ho an'ity fivoriana ity dia tapahan'ny episkôpà mba hijerena izay ilain'ny eo antoerana. Amin'io Alahady io ny kôlejin'ny loholona sy ny vondron'ny mpisorona avo dia afaka mivory miaraka na afaka mitambatra amin'ny Fikambanana Ifanampiana.

Fisoronana Aharôna sy Zatovovavy

Ireo kôlejin'ny Fisoronana Aharôna raha ny tokony ho izy dia samy mivory mitokana ho an'ny fivoriana sy fampianarana ao amin'ny kôlejy ny Alahady. Nefa, mety azo atambatra izy ireo rehefa vitsy ireo zatovolahy izay eo amin'ny taonan'ny Fisoronana Aharôna izay monina ao amin'ilay vondrona. Izany torolalana izany dia ampiharina koa amin'ireo kilasin'ny Zatovovavy. Ny zatovolahy ao amin'ny Fisoronana Aharôna sy ny zatovovavy dia afaka mitambatra tsindraindray mandritra ny lesona ny Alahady izay eo ambany fitarihan'ny eveka.

Ny zatovolahy ao amin'ny Fisoronana Aharôna sy ny zatovovavy dia ampianarina amin'ny alalan'ireo boky voalaza ao amin'ny pejy 2 sy 4. Afaka manasa ireo tanora ny mpitarika mba hampianatra ny ampahany sasany ao amin'ny lesona.

Kilonga

Ny mpitarika dia tokony hitsinjara ny ankizy ao amin'ny Kilonga isaky ny kilasy araka ny taonany amin'ny 1 Janoary. Raha ampy ny isan'ny ankizy, dia tokony hanorenana kilasy mitokana ny sokajin-taona tsirairay. Any amin'ny toerana izay vitsy ny efitrano fampianarana na ny isan'ny mpampianatra dia azo atambatra ny ankizy izay tsy mitovy taona.

Raha azo tanterahina dia tokony asiana ny kilasin'ny zaza madinika rehefa feno 18 volana izy ireo. Ny fampidirana ny ankizy ao amin'io kilasy io dia safidin'ny ray aman-dreny. Ny ankizy izay feno 2 taona amin'ny 1 Janoary dia manohy ao amin'ny garderie (Kilasin'ny zaza madinika) hatramin'ny faran'ny taona 2011. Ny ankizy izay 3 taona amin'ny 1 Janoary dia manatrika ny kilasy Tana-masoandro na ny kilasy mitambatra ho an'ny sokajin-taona zandriny indrindra.

Ny ankizy dia ampianarina amin'ny alalan'ny boky hita ao amin'ny tabilao ao amin'ny pejy 2 sy 5.

Raha mety dia mandray anjara ao amin'ny fotoana ifanakalozan'ny Kilonga ny ankizy kely taona kokoa mandritra ny fanatrehan' ireo ankizy lehibebe kokoa ny kilasy. Eo amin'ny fisasahan'ny fotoanan'ny Kilonga dia mifanakalo toerana ireo andiany roa ireo. Raha vitsy ny isan'izy ireo, dia afaka miara-mivory ny andiany roa. Raha samy mivory manokana ireo andiany roa ireo dia tokony hifanandrify amin'ny kilasin'ny Fisoronana Aharôna sy ny Zatovovavy ny fotoana ifanakalozana ho an'ny ankizy lehibebe.

Ny ankizy izay feno 12 taona mandritra ny taona diavina dia manohy manatrika ny kilasin'ny Kilonga mandrapahatongan'ny volana Janoary amin'ny taona manaraka. Kanefa mandritra ny fotoana ifanakalozana ao amin'ny Kilonga dia manomboka manatrika ny fivorian'ny kôlejin'ny Fisoronana Aharôna misy azy izy na ny kilasin'ny Zatovovavy misy azy.

Sekoly Alahady

Ny Sekoly Alahady dia natao ho an'ny olon-dehibe sy ny tanora izay 12 taona no ho miakatra, amin'ny 1 Janoary. Ny ankizy izay feno 12 taona mandritra ny taona diavina dia mijanona ao amin'ny kilasin'ny Kilonga mandritra ny Sekoly Alahady.

Raha ampy ny isan'ireo zatovo dia azo atao ny manao kilasy mitokana ho an'ny sokajin-taona tsirairay. Any amin'ny toerana izay vitsy ny isan'ireo zatovo na vitsy ny isan'ny efitrano fianarana na ny isan'ny mpampianatra dia azo atambatra ireo zatovo izay tsy mitovy taona.

Ireo leson'ny Sekoly Alahady sy ireo loharanom-pampianarana hampianarana azy ireo dia hita ao amin'ny lisitra ao amin'ny pejy 3 sy 5.

Lesona Azo Isafidianana

Ho fampahalalana momba ireo Lesona azo isafidianana, dia jereo ny lisitra ao amin'ny pejy 3 sy 5. Asiana ireo lesona ireo araka izay ilana azy dia eo ambanin'ny fitarihan'ny episkôpà. Izy ireo dia atao amin'ny fotoana izay mety amin'ireo mpandray anjara, ao anatin'izany ny fotoanan'ny Sekoly Alahady.

Ireo Mpikambana Manana Kilema

Ny mpitarika dia tokony maka antoka tsara fa ny mpikambana izay manana kilema dia mahafantatra ny fisian'ireo fitaovana ampiasaina amin'ny fandaharam-pampianaran'ny Fiangonana izay natao manokana ho azy ireo. Raha mila fanazavana momba ireo boky ireo dia manatona ny foibe fanapariahana izay miasa ho an'ny vondrona misy anao. Misy fanazavana mety hanampy anao koa hita ao amin'ny www.disabilities.lds.org.

Fanatsarana ny Fampianaran'ny Mpampianatra

Ny mpitarika ao amin'ny fisoronana sy ny vondrona fanampiny dia tompon'andraikitra amin'ny hatsaran'ny fampianarana ao amin'ny fikambanana misy azy ireo. Manampy ireo mpampianatra vaovao izy ireo amin'ny fanomezana torolalana sy fanohanana tsy tapaka ho azy ireo. Manampy eo amin'ny ezaka fanatsarana ny fampianaran'ny mpampianatra ireo mpikambana ao amin'ny fiadidian'ny Sekoly Alahadin'ny paroasy. Manampy ireo mpitarika ao amin'ny fisoronana sy ny vondrona fanampiny izy ireo amin'ny fanoroana, fanomezana torolalana, ary fanomezana fanohanana tsy tapaka ny mpampianatra. Miara-midinika matetika ny mpikambana ao amin'ny filankevitry ny paroasy amin'ny fomba hanatsarana ny fampianarana sy ny fandalinana ny filazantsara.

L'enseignement, Pas de plus grand Appel (36123) no loharano amin'izany fanatsarana ny fampianaran'ny mpampianatra izany. Any amin'ny toerana izay tsy ahitana io boky io, dia tokony hampiasa ny *Guide pour l'Enseignement* (34595) ireo vondrona.

Fitaovana hampiasaina ao An-tokantrano

Tokony haka antoka tsara ny eveka sy ireo mpitarika ao amin'ny paroasy fa mahafantatra ary afaka mampiasa ireto fitaovana manaraka ireto ny mpikambana araka ny fisiany amin'ny fiteny fampiasany:

Soratra Masina

Gazetibokin'ny Fiangonana

Cantiques (31243) sy ny Fihirana sy Hiran'ny Ankizy (33438)

Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao (35602)

Ilay Kristy Velona: Tenivavolombelon'ny Apôstôly (36299)

Torolalana ho an'ny Fianakaviana (31180)

Recueil d'idées pour les Soirées Familiales (31106)

Boky mitahiry sary momba ny filazantsara (06048 090)

Ancrés dans la Foi: Manuel de Référence sur l'Évangile (36863)

Voyez vos petits enfants: Manuel de la Garderie (37108)

Old Testament Visual Resource DVDs (00492)

Préparez tout ce qui est nécessaire: Finances Familiales (04007)

Préparez tout ce qui est nécessaire: Réserves au Foyer (04008)

Mba hahazoana ireo fitaovana ireo dia mandehana ao amin'ny www.ldscatalog.com na manatona ny foibe fanapariahana misahana ny vondrona misy anao. Maro amin'ireo loharanom-pitaovana ireo ihany koa no azo jerena, na henoina na alaina mba hampidirina ao amin'ny solosainao ao amin'ny www.GospelLibrary.lds.org.

© 2010 an'ny Intellectual Reserve, Inc. Zo rehetra voatokana. Natonta tany Etazonia. Fankatoavana ny tamin'ny teny Anglisy: 6/09.
Fankatoavana ny fandikana: 6/09. Fandikana ny *Instructions for Curriculum 2011*. Malagasy. 08630 654

MALAGASY
4 02086 30654 8
08630 654